# FIANGONANA PROTESTANTA MALAGASY ATY AN-DAFY
# TAFO BORDEAUX
# FITSIPIKA ANATINY

## Toko voalohany : FAMETRAPETRAHANA

*Andininy 01* Ity FITSIPIKA ANATINY ity, izay mamaritra ny toerana sy ny asan'ny tafo FPMA BORDEAUX dia mirakitra ny dika-teny sy ny fomba fampiharana izay voasoritra ao anatin'ny FITSIPI-PANORENANA, na ny « STATUTS DE L'UNION DES ASSOCIATIONS CULTUELLES DE L'EGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE » sy ny FITSIPIKA ANATIN'NY FPMA, lany tamin'ny Synoda faha XXX izay natao tany Nancy tamin'ny taona 2004, navaozina tamin'ny synoda faha-32 tany Montpellier tamin'ny taona 2008.

*Andininy 02* Ny tafo FPMA BORDEAUX, "association cultuelle régie par les lois 1905 et 1901", dia fiangonana mpikambana ao amin'ny FPMA, manaja ny rafim-pitondrana rehetra misy ao aminy ary manaiky sy mampihatra ny fanapahan-kevitry ny Synoda lehibe sy ny Synodam-paritany, ny Komity Maharitra sy ny Komitim-paritany ary ny Komity Foibe.

*Andininy 03* Tsy maintsy lanin'ny Fivorian'ny Mpandrain'ny tafo FPMA BORDEAUX ary efa nahazo alàlana avy amin'ny Komity Foibe ity Fitsipika Anatiny ity vao manan-kery.

## Toko faharoa : FOTOTRA SY ZAVA-KENDRENY

*Andininy 04* Ny Fiangonana Protestanta Malagasy eto BORDEAUX dia araka ny art 2 (statuts FPMA) :

- Mino an'Andriamanitra Ray, an'i Kristy Jesoa Zanaka ary ny Fanahy Masina;
- Mino an' i JESOSY KRISTY Tompo ho ANDRIAMANITRA sy hany Mpamonjy araka ny Soratra Masina;
- Manaiky sy mino ny Filazantsara izay maneho ny fahalebiazana sy ny fitiavan'Andriamanitra ho famonjena an'izay rehetra mino Azy.
- Mampahafantatra sy mampianatra ny manodidina azy fa ny Tenin'Andriamanitra ao anatin'ny Baiboly no fototra sy andrin'ny finoany, ny fiainany, ny fampianarany ary ny asany.
- Manaiky sy mampihatra ny fanekem-pinoana iraisan'ny fiangonana rehetra manerana izao tontolo izao [la confession de foi commune à l'Eglise Universelle (Symboles Œcuméniques que sont le Symbole des Apôtres, le Symbole de Nicée et le Symbole d'Atanazie ainsi que les confessions de foi de la Réforme notamment la confession de foi de la Rochelle et la confession de foi d'Augsbourg Invariata)].

*Andininy 05* Ny fitoriana ny Filazantsaran'i Kristy amin'ny olona rehetra no zava-kendreny, ary hiezaka hanatanteraka izany izy ho voninahitr' ANDRIAMANITRA TOKANA, RAY sy ZANAKA ary FANAHY MASINA, amin'ny alalan'ny :

- Fandavorariana ny fotoam-pivavahana,
- Fikarohana sy fampianarana izay takian'ny Filazantsara momba ny finoana sy ny fiainana aman'andraikitry ny fiangonana eo anivon'izao tontolo izao,
- Fijoroana ho vavolombelon'i JESOSY KRISTY amin'ny finoana sy ny fahamarinana ary ny fiainana mendrika ny hazo fijalian'i JESOSY KRISTY Tompo amin'ny fiainana andavanandro,
- Fitaizana sy fanolokoloana ny aim-panahin'ny mpikambana,
- Fisarihana ho Mpikambana ireo Malagasy mbola any ivelany,
- Fiombonana amin'ny tafo ao anatin'ny faritany sy amin'ny FPMA manontolo.

*Andininy 06* Mandoa ny adidiny isantaona any amin'ny kitapo iombonana sy amin'ny faritany Atsimo-Andrefana araka ny tinapaky ny synoda sy ny synodam-paritany ny tafo FPMA BORDEAUX.

Ny tafo FPMA BORDEAUX no mandoa ny lanin'ny solontena avy ao aminy amin'ny famonjena sy fanatrehana ny fiofanana sy ny fivoriana rehetra eo anivon'ny faritany sy nasionaly.

## Toko fahatelo : RAFIM - PIFANDRAISANA AMIN'NY FIANGONANA HAFA

*Andininy 07* Afaka mifandray mivantana sy manamafy ny fiaraha-miasa amin'ny fiangonana sy fikambanana ao anatin'ny vondrom-piangonana efa neken'ny FPMA Foibe ny Tafo FPMA BORDEAUX.

## Toko fahefatra : NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY F.P.M.A BORDEAUX

*Andininy 08* Misy sokajy roa ny **Mpiangona** eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX :

* Ireo olona tonga manatrika ny fanompoam-pivavahana fa tsy misoratra amin'ny bokim-piangonana;
* Ireo mpikambana misoratra ao amin'ny bokim-piangonana.

*Andininy 09* Ny atao hoe **Mpikambana** eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX, dia ny olona nangataka hisoratra anarana ka nameno tsy an-terena ny "*bulletin d'adhésion*", manaiky sy manaraka ary manaja ny foto-pinoan' ny FPMA, ny satany sy ny fitsipiny ary ny fanapahan-kevitry ny ambaratongan'ny FPMA rehetra.
Hasaina ny mpikambana rehetra handray anjara amin'ny

* fianarana sy fandalinam-pinoana,
* fanompoam-pivavahana,
* asan'ny fiangonana rehetra,
* adidy ara-bola sy ny enti-manana.

*Andininy 10* Ny FPMA Bordeaux dia mandray ho isan'ny Mpikambana ao aminy :

1 / - Izay Malagasy :

* protestanta avy amin'ny sahan'ny FFPM avy any an-tanindrazana;
* tsy protestanta vonona handray sy hanaraka ny fampianaram-pinoana protestanta ao amin'ny Katekomena ary manaiky sy manaja ny Fitsipika mifehy ny FPMA.

2 / - Izay olona vonona hiaina araka ny finoana protestanta ka manaiky sy manaja ny Fitsipika mifehy ny FPMA.

*Andininy 11* Ny **Mpikambana** dia misy sokajy roa :

- Mpikambana TSOTRA;
- Mpikambana TOMPON' ANDRAIKITRA.

*Andininy 12*

- Ny **Mpikambana tsotra** dia ny mpiangona rehetra vita batisa na tsia.
- Ny olona rehetra nanaiky tsy noterena ny ho mpanompon 'Andriamanitra ka nisoratra anarana ho mpianatra Katekomena ary nahavita ny fianarana ara-dalàna sy notokanan'ny mpitandrina no atao hoe **Mpandray ny Fanasan'ny Tompo**.
- Ny Mpandray ny fanasan'ny Tompo no antsoina hoe **Mpikambana Tompon'andraikitra**. Ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo misoratra amin'ny bokim-piangonana ary mihoatra ny 18 taona ihany no afaka sy mahazo mandatsa-bato ary mahazo ny karatra afahany mandatsa-bato.
  Antsoina handray anjara amin'ny asam-panompoana sy ny asam-piangonanana ary ny ministera rehetra ny Mpikambana Tompon'andraikitra; asaina handoa ny adidin'ny mpandray tsy tapaka voafaritry ny fivorian'ny mpandray izy.
  Manaiky sy mampihatra ny sata sy ny fitsipika ary ny fifampifehezana rehetra misy eto amin'ny FPMA (Foibe, Faritany, Tafo), ny fanapahan-kevitry ny ambaratongam-pitondrana rehetra (Synoda sy Komity ary ny Fivorian'ny mpandray) izy no mikendry sy miahy ny firaisana ary antoky ny fampiraisana sy ny filaminan'ny fiangonana mba hitombon'ny tsirairay avy amin'ny finoana.

*Andininy 13*: Jesoa Kristy no Lohan'ny Fiangonana izay maniraka sy mametraka amin'ny mpiangona rehetra ny fanaovana sy fanatanterahana ny asan'ny fiangonana rehetra. Noho izany dia nantsoina handray anjara sy manana andraikitra amin'ny fanatontosàna ny asa rehetra eo anivon'ny fiangonana ny mpiangona tsirairay avy ary hiofana sy hanaraka fampianarana rehetra mba hitomboan'ny vokatra.

*Andininy 14*: Ny **Bokim-piangonan'ny tafo FPMA BORDEAUX** dia boky ahitana ny mpikambana rehetra ao aminy, mirakitra ny anarana, fanampin'ny anarana, adiresy, telefônina, daty nanaovana batisa sy nandraisana ho mpandray ny fanasan'ny Tompo ary ny nisoratana anarana sy nifindrany monina...
Tsy maintsy havaozina indray isan-taona ny bokim-piangonana izay misy ny anaran'ny mpikambana indrindra rehefa alohan'ny fanavaozana ny mpiandraikitra ao aminy (diakona, biraon'ny sampana..).
Andraikitry ny Biraon'ny tafo ny mizara ny bulletin d'adhésion, manangona azy, manoratra ny données rehetra ao anatin'ny Bokim-piangonana, manao ny mise à jour ary ny mikajy sy mitandrina azy.
Ny olona rehetra mihoatra ny 18 taona dia mameno *bulletin d'adhésion* iray.
Ny latsaky ny 18 taona dia afaka misoratra miaraka amin'ny ray aman-dreniny.

*Andininy 15* Tsy Mpikambana eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX intsony ny olona :

- Efa nodimandry;
- Nametra-pialàna;
- Nifindra monina ivelan'ny Département de la Gironde raha tsy nanao fangatahana manokana izy.

Tsy azon'ny mpiangona hatao ny misoratra anarana any amin'ny tafo FPMA roa samihafa.

*Andininy 16* Mampandre ny Birao izay mitondra azy eo amin'ny Fivorian'ny Mpandray ny olona maniry hiala tsy ho isan'ny mpikambana.
Izay mpikambana rehetra tsy manaja sy tsy mankatoa ny fanekem-pinoana FPMA, ny satany sy ny fitsipiny (Foibe, Faritany, Tafo) dia azo esorina tsy ho anisan'ny mpikambana eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX rehefa avy nampahafantarin'ny Komitin'ny tafo azy an-tsoratra ny fanapaha-keviny sy nohenoiny ny fanazavany.
Mipetraka ho andraikitry ny fivoriambe ny fikosehana anarana amin'ny bokim-piangonana.

*Andininy 17* Omena lalana malalaka hanatrika ny fotoam-pivavahana karakarainy ny olona tsy mpikambana ao amin'ny FPMA Bordeaux, raha vonona ny hanaja ny filaminana sy ny rafim-pandaminana takian'ny fotoam-pivavahana.

*Andininy 18* Ny mpiangona rehetra avy amin'ny tafo FPMA hafa na avy amin'ny fiangonana hafa ankoatra ny FPMA ka maniry ny hiditra ho mpikambana eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX, dia tsy maintsy mitondra taratasy avy amin'ny fiangonana nihaviany.

## Toko fahadimy : RAFIM - PANDAMINANA

*Andininy 19* Ato amin'ny **Faritany Atsimo-Andrefana** (FAA) eto Frantsa, sahan'asan'ny FPMA no misy ny tafo FPMA BORDEAUX miaraka amin'ny tafo FPMA CLERMONT-FERRAND, LA RÉUNION, MONTPELLIER ary TOULOUSE .

*Andininy 20* Ambaratonga TAFO no rafim-pandaminan'ny FPMA BORDEAUX, araka ny andininy faha 01 amin'ny Fitsipi-panorenana sy ny andininy faha 01 amin'ny Fitsipika Anatin'ny FPMA.

## Toko fahenina : RAFI - PITONDRANA

*Andininy 21* Ireto ny rafim-pitondran'ny tafo FPMA BORDEAUX :
- ny Fivorian'ny Mpandray [2011]
- ny fivorian'ny Komitin'ny Tafo;
- ny fivorian'ny Birao.

### A - NY FIVORIAN'NY MPANDRAY

*Andininy 22* Ny toerana sy ny andraikitra ary ny fahefan'ny Fivorian'ny mpandray dia araka izay voafaritra ao amin'ny

Fitsipika FPMA and. 05.

1) Ny Fivorian'ny Mpandray no fahefana fara-tampony eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX. Izy no mamaritra ireo sori-dàlana ankapobeny ho enti-manatanteraka ny zava-kendren'ny FPMA sy ny Faritany. Izy koa no mandray ny fanapahan-kevitra lehibe eo amin'ny fiainan'ny tafo.
2) Azon'ny mpikambana tsotra sy ny mpikambana ao amin'ny Faritany sy ny Foibe atao ny manatrika sy mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ao amin'ny Fivorian'ny Mpandray, saingy ny Mpikambana Tompon'andraikitry ny tafo ihany no mahazo manapa-kevitra.
3) Tsy azon'ny Fivorian'ny Mpandray hatao ny mandray fanapahan-kevitra mifanohitra amin'izay efa tapaky ny Synoda Lehibe sy ny Synodam-paritany sy ny Komity Maharitra ary ny Komitin'ny Faritany, na maka fanapahan-kevitra mifanohitra amin'ny zotra fototra efa najoron'ireo ambaratongam-pitondrana ireo.
4) Ny Fivorian'ny Mpandray amin'ny volana Novambra no mifidy ny Diakona.

*Andininy 23* Ny alahady fahefatra amin'ny volana no atao ny Fivorian'ny Mpandray ao amin'ny toerana anaovana ny fanompoam-pivavahana, raha tsy misy antony manokana.

*Andininy 24* Amin'ny Fivorian'ny mpandray no handinihana sy hanapahana ary hitsinjarana ny asa ho enti- mampandroso ny tafo, asa efa voadinika sy voalamina mialoha teo amin'ny Komitin'ny Tafo.
Eo koa no anaovana ny filazana samihafa sy tatitra tsara ho fantatry ny mpikambana tompon'andraikitra.

*Andininy 25* Ny Filohan'ny tafo no mitarika ny fivoriana araka ny tanisa dinika naroson'ny Komitin'ny tafo ary ny Mpitandrina no manao ny fanomanam-panahy.

*Andininy 26* Ny Mpikambana Tompon'andraikitra mihoatra ny 18 taona ihany no mahazo manapa-kevitra sy mifidy ary mandatsa-bato amin'ny Fivorian'ny Mpandray.
Lany ny hevitra mahazo vato mihoatra ny antsasa-manila ny isan'ny Mpikambana Tompon'andraikitra mandatsa-bato misoratra amin'ny bokim-piangonana manatrika ny Fivorian'ny Mpandray. Raha tsy feno na tratra io dia hisy fiodinana faharoa ka izay mahazo vato betsaka indrindra (*majorité relative*) no lany.
Ny foto-teny na ny foto-kevitra ao anatin'ny tanisa dinika ihany no azo handraisana fanapahan-kevitra. Izay tsy tafiditra tao anatin'ny tanisa dinika dia apetraka ho dinihan'ny Komity ary haroso amin'ny fivorian'ny mpandray manaraka raha ilaina.

*Andininy 27* Ny fivorian'ny Mpandray volana Febroary [2012] sy Novambra dia atokana indrindra handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra amin'ireto asa manaraka ireto :
- Febroary : ny toe-bola sy jerikina tamin'ny taona lasa ary ny teti-bola sy asa ho an'ny taona diavina ;
- Novambra : ny sori-dàlana sy ny tetik'asa ho amin'ny taona ho avy.

Hampahafantarina na zaraina amin'ny mpiangona amin'ny volana Desambra ny fivoriambe amin'ny volana Janoary (daty, tanisa dinika …)

*Andininy 28* Ny Biraon'ny Tafo no miandraikitra ny fitànana an-tsoratra ny Fivorian'ny Mpandray sy ny hevitra tapaka, ary azon'ny rehetra jerena izany tatitra izany.

*Andininy 29* Vakiana hampahafantarina ny mpiangona amin'ny raharahan'ny fiangonana mandritra ny fanompoam-pivavahana manaraka ny fivorian'ny mpandray ny fanapahan-kevitra rehetra noraisina raha misy.

*Andininy 30* Misy **Fivorian'ny Mpandray tsy ara-potoana** raha :
- ny birao no miantso ;
- ny mpikambana mihoatra ny iray ampahatelon'ny (1/3) misoratra ao anatin'ny bokim-piangonana fara-fahakeliny no mangataka an-tsoratra amin'ny Birao. Hita ao anatin'ny taratasy ny antony, ny soso-kevitra raha misy, ny anaran'ny mpikambana rehetra mangataka miaraka amin'ny soniany. Raha tsy izany dia tsy azo atao ny mandray ny fangatahany sy miantso ny Fivorian'ny Mpandray tsy ara-potoana.

Ireto manaraka ireto ihany no azo hiantsoana Fivorian'ny Mpandray tsy ara-potoana :
- ny fanavaozana ny sata sy ny fitsipika anatiny;
- ny tsy fankatoavana (sanction) sy ny fikosehana anaran'ny mpikambana;
- ny fanafoanana na ny fandravana sampana na ny tafo.

Lany ny hevitra mahazo vato mihoatra ny roa ampahatelon' (2/3 voix) ny isan'ny Mpikambana Tompon'andraikitra mandatsa-bato misoratra amin'ny bokim-piangonana manatrika ny Fivorian'ny Mpandray tsy ara-potoana.
Ampahafantarina amin'ny alalan'ny filazan-draharaha ao am-piangonana izany ka lazaina ny anton'ny

fangatahana sy ny andro hanaovana azy.
Tsy mihoatra ny tapa-bolana ny fotoana manelanelana ny nandraisana ny fangatahana sy ny fivoriana setriny.

## B - NY KOMITIN'NY TAFO

*Andininy 31* Ny Mpikambana sy ny andraikitry ny Komitin'ny Tafo dia araka ny voafaritra ao amin'ny Fitsipika FPMA and. 07 :

1) Ny Komitin'ny Tafo no miahy ny fiainam-panahy sy ny ara-bolan'ny tafo ary ny fijoroany ho vavolombelona. Izy no manao izay hahatanteraka ao amin'ny Tafo ny fanapahan-kevitry ny ambaratongam-pitondrana ambony no sady manapa-kevitra ny amin'ireo raharaha maika tsy azo hiandrasana ny Fivorian'ny Mpandray.
2) Ny Komitin'ny Tafo no mamaritra sy mamolavola ireo tanisa dinika ho entina amin'ny Fivorian' ny Mpandray.
3) Ireto no mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Tafo : ny Mpitandrina ny Tafo, ny Diakona rehetra, ny Filohan'ny Sampana Mpikambana Tompon'andraikitra mihoatra ny 18 taona; miampy ny mpiandraikitra ny Tarik'Asa Katekomena izay tsy mandatsa-bato fa mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra. [2011]

Afaka manatrika ny fiofanan'ny Komity ny Chef de choeur sy ny mpikambana ao amin'ny Biraon'ny sampana.

*Andininy 32* Mivory indray mandeha isam-bolana ny Komitin'ny Tafo manomana ny Fivorian'ny mpandray sy mihaino ny tatitr'asan'ny Birao, ny Sampana, ny Tarik'asa ary ny Vaomiera.
Ilaina sy irina ny fanatrehan'ny mpitandrina ny fivorian'ny Komity.
Afaka manatrika ny fivorian'ny Komity fa tsy mandatsa-bato ny solontena avy amin'ny Foibe sy Faritany ary ireo olona nasaina manokana rehefa nifanaraka amin'ny Birao.
Tsy misy ny fivorian'ny Komitin'ny tafo raha latsaky ny atsasaky ny mpikambana no tonga.

*Andininy 33* Ny Filohan'ny Tafo no miantso sy mitarika ny fivoriana, ary ny Biraon'ny Tafo no miandraikitra ny fandraisana an-tsoratra ary mitahiry ireny fitantanana an-tsoratra ireny sy izay mety ho avy amin'ny Sampana sy Vaomiera ary Tarik' asa.
Manoratra ny anarany sy manao sonia ao anatin'ny "*fiche de présence*" ny mpikambana rehetra tonga manatrika alohan'ny fiandohan'ny fivorian'ny Komity.

*Andininy 34* Ny mpikambana ao amin'ny Komity izay tsy ho afaka hanatrika ny fivorian'ny Komity dia tsy maintsy mampandre ny Filohan'ny tafo 12 ora alohan'ny fiandohan'ny fivoriana.
Afaka manendry olona mpikambana Tompon'andraikitra mihoatra ny 18 taona ao amin'ny Biraon'ny sampana hisolo azy ny Filohan'ny sampana raha misy tsy fahafahany ka mampahafantatra izany an-tsoratra ny Filohan'ny tafo. Raha tsy feno 18 taona ny mpisolontenan'ny Filoha dia tsy mandatsa-bato.

*Andininy 35* Lany ny hevitra mahazo vato betsaka indrindra. Raha misy fitovian-kisa mifanipaka amin'ny fanapahan-kevitra anefa efa nisy fiodinana faharoa, dia ny Filoha no manapaka.
Miara-mizaka ny hevitra tapaka ny mpikambana indrindra ireo izay tsy teo.
Tsy azo atao ny mandray fanapahan-kevitra raha latsaky ny antsasaky ny mpikambana miampy iray ny isan'ny mpivory. [2009]

*Andininy 36* Toy izao ny fitsinjaram-bato ao amin'ny Komitin'ny Tafo :

- ny Birao : 6
- ny Diakona tsy ao amin'ny Birao : 1 isan'olona ;
- ny solotenan'ny sampana : 1 avy.

[2011]

*Andininy 37* Manao tatitra hatrany eo amin'ny Fivorian'ny Mpandray ny Komitin'ny Tafo momba ny fizotran'ny asany sy amin'izay fanapahan-kevitra maika tsy maintsy noraisina.

*Andininy 38* Zon'ny Komitin'ny Tafo, raha tsy mifanipaka amin'ny fitsipika anatiny, ny mandamina sy mandrindra ny

fomba fiasany. Ampahafantariny ny mpikambana izany eo amin'ny fivoriana sy amin'alalan'ny Gazety.

*Andininy 39* Ny Komitin'ny Tafo no miezaka ny manao hatrany izay rehetra ahafahan'ny fiangonana mandroso eo amin'ny zava-kendreny araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha 4 sy faha 5 amin'ity fitsipika ity.

*Andininy 40* Tsy azon'ny Komitin'ny tafo atao ny manaiky ny fizarana "*tracts*" na "*publicités*" izay mivoana amin'ny "objet du culte"ao anatin'ny sehatra sy ny tranombato iangonana .
Ny famarotana zavatra sy ny fanangonana vola ho an'ny fikambana mpiara-miasa amin'ny FPMA dia tsy maintsy mahazo ny fankatoavan'ny telo ampahefatry (3/4) ny mpikambana ao amin'ny Komity sy nahazoana ny hevitry ny mpitandrina mpandrindra ny Tafo na ny Faritany, vao azo ekena. Ny vola rehetra azo dia tsy maintsy omena ny Mpitambolan'ny Tafo ao anatin'ny andro iray (24h00) ary anjarany ny mandefa seky iray amin'ny anaran'ny tafo FPMA BORDEAUX.

*Andininy 41* Misy **Fivorian'ny Komitin'ny Tafo tsy ara-potoana** raha :

- ny Birao no miantso ;
- ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Tafo no mangataka. Raha izany dia tsy maintsy miantso fivoriana ao anatin'ny valo (8) andro ny Filoha.
- misy tsy fifanarahana eo amin'ny fitazonana ny kaotim-bola, ka mangataka fivoriana amin' alalan'ny iray amin'ireo fomba ireo ny mpandinim-bola.

## D - NY BIRAON'NY TAFO

*Andininy 42* Ny Biraon'ny Tafo dia manaraka izay voafaritra ao amin'ny Fitsipika FPMA and. 08.

1) Ny Biraon'ny Tafo izay fidina avy amin'ny Diakona no mitantana ny raharahan'ny Tafo amin'ny andavandro.
2) Isaky ny roa taona mifanandrify amin'ny fifidianana Diakona no hanavaozana ny mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Tafo.

*Andininy 43* Enina (6) ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao, ankoatry ny Mpitandrina mitantana ny Tafo FPMA BORDEAUX izay efa mpikambana raikitra ao rahateo :

- Filoha (Président)
- Filoha mpanampy (Vice-Président)
- Mpitambola (Trésorier)
- Mpandraharaha vola (Gestionnaire)
- Mpitantsoratra (Secrétaire)
- Mpanolotsaina (Conseiller)

*Andininy 44* Ny Biraon'ny tafo no miandraikitra andavanandro ny asan'ny fiangonana araka ny toro-lalàna nomen'ny Komitin'ny tafo sy ny Fivorian'ny mpandray azy. Ambaratonga mpanatanteraka izy.

## D - NY ANDRAIKITRY NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO

*Andininy 45* Toy izao ny andraikitry ny tsirairay ao amin'ny Birao :

Ny **Filoha** no :

- Solotenan'ny Tafo eo amin'ny fanjakana sy ny manam-pahefana [*déclaration à la Préfecture des modifications des statuts et aux Journaux Officiels ou du changement des membres du Bureau, déclaration du changement des mandataires de signatures (Président et Trésorier) à la banque, signature des contrats; convocation au tribunal tant en défense qu'en acte*…] ;
- Mambra avy hatrany ao amin'ny Komitin'ny Faritany ;

- Solotenan'ny Tafo eo amin'ny fiangonana rahavavy sy ny fikambanana hafa;
- *Membre associé permanent au Conseil Presbytéral de l'ERF de Bordeaux* sy mamonjy ny fivoriana rehetra isam-bolana farafahakeliny ary manatrika ny fiofanan'ny Conseillers Presbytéraux indray mandeha isan-taona (dans le département et dans la région);
- Mpikambana ao amin'ny FPF (Fédération Protestante en France) de Bordeaux, manatrika ny fivoriana rehetra sy mitarika izany araka ny fandaminana;
- Tompon'andraikitry ny fandavorariana sy fanatontosana ny fivoriana rehetra;
- Tompon'andraikitry ny fanompoam-pivavahana ;
- Tompon'andraikitry ny fifandraisana amin'ny Sampana sy ny Tarik'asa ;
- Tompon'andraikitry ny fomba fiasan'ny Birao sy ny Komity;
- Tompon'andraikitry ny fiainan'ny Tafo amin'ny ankapobeny ary tokony ho fantany na hampafantarina azy ny miseho sy ny zava-misy rehetra..

Azon'ny Filoha atao ny manendry an-tsoratra olona iray ao amin'ny Birao hisolotena azy mandritra ny fotoana voafetra mikasika ny asa iray voafaritra tsara raha misy tsy fahafahany.

Ny Filoha irery ihany no manao sonia ny taratasy rehetra amin'ny anaran'ny tafo FPMA BORDEAUX. Tsy manan-kery ny taratasy rehetra atao amin'ny anaran'ny tafo FPMA BORDEAUX raha tsy vitan'ny Filoha sonia miaraka amin'ny anarany sy ny fitomboky ny tafo FPMA BORDEAUX.

Ny **Filoha lefitra** no :

- manampy sy misolo ny Filoha raha misy tsy fahafahany
- Tompon'andraikitry ny fiaraha-miasan'ny sampana sy mandamina ny fitendrena ny zava-maneno isaky ny fotoam-pivavahana.
- Manatrika sy mandray anjara amin'ny fivorian'ny Biraon'ny Sampana fa tsy mandatsa-bato.

Ny **Mpitambola** no :

- mandray sy mamoaka ny vola ary manao sonia ny seky rehefa nampandre mialoha sy nahazo lalana avy amin'ny Filoha;
- miaraka amin'ny mpandraharaha vola mamoaka ny toe-bola tamin'ny taona lasa sy manome fanazavana mikasika ny fitantanam-bola ary manomana ny teti-bolan'ny Tafo ho dinihan'ny Birao sy ny Komity ary hakana fanapahan-kevitra amin'ny Fivorian'ny Mpandray ny volana Janoary, miaraka amin'ny "*quitus*".
- miaraka amin'ny mpitantambolan'ny sampana mandrafitra ny toe-bola sy ny teti-bolan'ny sampana.

Ny **Mpandraharaha vola** no :

- tompon'andraikitry ny fananan'ny Tafo sy ny fitazonana an-tsoratra ny vola miditra sy mivoaka ao amin'ny fiangonana;
- miaraka amin'ny mpitambola mamoaka ny toe-bola tamin'ny taona lasa sy manome fanazavana mikasika ny fitantanam-bola ary manomana ny teti-bolan'ny Tafo ho dinihan'ny Birao sy ny Komity.
- miaraka amin'ny mpitambola sy ny mpitantambolan'ny sampana mandrafitra ny toe-bola sy ny teti-bolan'ny sampana.
- Tsy manao sonia ny seky ny mpandraharaha vola.

Ny **Mpitantsoratra** no :

- mandray an-tsoratra ny fivoriana rehetra sy manao sonia ny tatitra miaraka amin'ny Filoha.
- mitahiry ny boky sy ny taratasin'ny fiangonana rehetra (boky misy ny anaran'ny mpikambana, boky mirakitra ny tatitry ny fivoriana ary boky misy ny filazan-draharaha);
- milaza ny vaovaom-piangonana.

Ny **Mpanolotsaina** no :

- manampy ny Mpitantsoratra sy ny Mpitambola;
- misolo ny Mpitantsoratra sy ny Mpitambola raha misy tsy fahafahan'izy ireo ;
- manolotsaina momba ny fanatsarana ny asa sy ny fiainam-piangonana. [2009]

<u>*Andininy 46*</u> Ny Birao no mandray ny soso-kevitra avy amin'ny mpiangona, ary mitondra azy eo amin'ny Komitin'ny Tafo. Ny soso-kevitra na ny taratasy tsy vita an-tsoratra ary tsy misy ny anarana sy ny sonian'ny mpiangona nandefa azy dia tsy azo vakina sy atolotra amin'ny fivorian'ny Komity sy Mpandray.

<u>*Andininy 47*</u> Ny Birao no manome lalana an-tsoratra ahazoana mampiasa ny anaran'ny Tafo na manao zavatra amin'ny anarany.

*Andininy 48* Mivory indray mandeha isam-bolana ny Birao manomana ny Fivorian'ny Komitin'ny Tafo sy ny Fivorian'ny Mpandray. Ny Filoha no miantso sy mitarika ny fivoriana ary manao sonia miaraka amin'ny Mpitantsoratra ny tatitra rehefa avy nolanian'ny mpikambana.

*Andininy 49 :* Manao tatitra ny asa natao sy ny toe-bola isaky ny fivoriana voalaza amin'ny and. 20 ny Birao.

*Andininy 50* Misy Fivorian'ny Birao ankoatra izay raha :

- hitan'ny Filoha fa ilaina ;
- mangataka ny Mpitandrina ;
- miara-mangataka ny mpikambana efatra (4) hafa.

Ny Filoha no miantso sy mitarika ny fivoriana.

*Andininy 51* Tsy misy fivorian'ny Birao raha latsaky ny telo (3), ankoatra ny Mpitandrina, ny isan'ny mpivory.

## E - NY FOMBA FIASA

*Andininy 52* Manana vato iray (1) avy ny mpikambana ao amin'ny Birao amin'ny fivoriany.
Lany ny hevitra mahazo vato betsaka indrindra.
Raha misy fitovian-kisa mifanohitra amin'ny fanapahan-kevitra anefa efa nisy fiodinana faharoa, dia ny Filoha no manapaka.
Miara-mizaka ny hevitra tapaka ny rehetra.
Asiana fitazonana an-tsoratra ny fivoriana rehetra ary mameno ny "*fiche de présence*" ny tsirairay alohan'ny fivoriana.

*Andininy 53* Raha misy fanapahan-kevitra maika tsy maintsy raisina, anefa tsy afaka mamory haingana ny Komitin'ny Tafo, dia azon'ny Birao atao ny mandray izany raha tsy mifanohitra amin'ny toro-làlana nomen'ny rafi-pitondrana samihafa eo amboniny.
Hanaovana tatitra eo amin'ny Komitin'ny Tafo manaraka izany.

# Toko fahafito : DIAKONA sy LOHOLONA

## DIAKONA

*Andininy 54* Ny andraikitra voalohan'ny Diakona dia izay ambarany eo anatrehan'ny Fiangonana amin'ny fanokanana na fandraisan-tànana azy. Hiezaka ny hanaja hatrany izany voadiny izany izy.

*Andininy 55* Iray ampahafolon'ny isan'ny mpikambana Tompon'andraikitra ao amin'ny lisitry ny fifidianana ny isan'ny Diakona fidina.[2011]
Roa (2) taona no fe-potoana iasan'ny Diakona.
Isaky ny roa (2) taona mandritra ny Fivorian'ny Mpandray no hanaovana ny fifidianana.

*Andininy 56* Ny Diakona dia :

- Mpanompon'Andriamanitra sy hanompo ny fiangonana ;

- Mpiara-miasa voalohany amin'ny mpitandrina ;
- Mpikarakara sy mandavorary ny fizotran'ny fotoam-pivavahana rehetra ary manatrika izany;
- Mpiahy ny mpiangona rehetra sy manampy azy ara-panahy ;
- Antoky ny firaisana sy fampiraisana eo anivon'ny fiangonana ary mitandro ny fiombonana ;
- Miofana mianatra mandalina ny Soratra Masina tsy tapaka izay eto anivon'ny tafo, Faritany ary nasionaly, mijoro vavolombelon'i Kristy amin'ny fiteny, fihetsika ary fitondran-tena, mivavaka sy mifampitondra am-bavaka ary milaza sy mampiely ny Filazantsara.

*Andininy 57* Manana ny *déontologie*-ny ny Diakona ary voafehin'ny *secret professionnel* izy.
Manaiky sy manaja ary mampihatra ny foto-pinoan'ny FPMA, ny satany, ny fitsipiny, ny fifampitondrany ary ny fanapahan-kevitry ny ambaratongan'ny FPMA rehetra ny Diakona.

*Andininy 58* Miara-mizaka ny hevitra lany sy ny vokany ny Diakona rehetra.
Raha misy fifanolanana eo amin'ny Diakona ka iantsoana fivoriana tsy ara-potoana, dia atao « *Recommandé avec Accusé de Réception*» ny fangatahana sy ny fiantsoana fivoriana.

## FIFIDIANANA DIAKONA

*Andininy 59* Mahazo mifidy sy azo fidina tsy misy fepetra ho diakona ny mpikambana Tompon'andraikitra mihoatra ny 18 taona misoratra ara-dalàna ao amin'ny bokim-piangonana sy mandray anjara amin'ny fandoavana adidy. [2011]

*Andininy 60* [2009] Roa (2) volana alohan'ny datin'ny fifidiana Diakona dia atsangana ny Vaomieran'ny fifidianana izay tarihan'ny mpitandrina. Olona dimy (5) [2013] no mpikambana ao anatiny dia ny mpitandrina sy mpikambana efatra izay tsy Diakona am-perin'asa, ka ny roa (2) dia ho mpanisa vato, ny roa sisa dia manampy ny mpitandrina. Rava ny vaomiera rehefa namerina ny tatitry ny asany amin'ny Birao am-perin'asa, farafahatarany folo (10) andro aorian'ny fifidianana.

*Andininy 61* [2009] Roa (2) volana alohan'ny datin'ny fifidianana no tapitra ny fanavaozana ny bokim-piangonana. Ny mpikambana voasoratra hatramin'io fotoana io ihany no afaka mifidy.

*Andininy 62* [2009] Iray (1) volana alohan'ny datin'ny fifidianana ka hatramin'ny alahady mialoha ny alahady fifidianana no andraisan'ny vaomieran'ny fifidianana ny anaran'ny kandidà, na izay manolo-tena na izay atolotry ny mpikambana tompon'andraikitra ka manaiky izany fanolorana izany an-tsoratra.

Andraikitry ny Vaomieran'ny fifidianana ny :
- Mandray ny anaran'ny kandidà
- Mijery ny anaran'izy ireo ao anatin'ny bokim-piangonana
- Mitandro sy manaja ny "*confidentialité*"
- Manatanteraka ny fifidianana sy ny fandraisana an-tsoratra rehetra.

*Andininy 63* [2009] Hampafantarin'ny vaomieran'ny fifidianana miandalana amin'ny alalan'ny peta-drindrina hita maso ao am-piangonana isan'alahady ny anaran'ireo kandidà. Ny lisitra raikitra dia izay mivoaka ny alahady farany mialoha ny alahady fifidianana. Sady atao peta-drindrina izy io no ambara amin'ny vaovaom-piangonana amin'io alahady io.

*Andininy 64* Aorian'ny andro fahataperan'ny fandraisana ny anaran'ny kandidà hatramin'ny andro alahady hanaovana ny fifidianana, dia mihaona amin'ny mpitandrina ny kandidà tsirairay.

*Andininy 65* Latsabato miafina no anaovana ny fifidianana Diakona.

*Andininy 66* [2009] Mifidy olona hatramin' ny isa ilaina (j.and.55) amin'ireo kandidà ny mpikambana tompon'andraikitra.[2011]
Tsy maintsy manatrika ny fifidianana ny kandidà, afa-tsy izay mampandre mialoha an-taratasy ny vaomieran'ny fifidianana ny antony tsy ahafahany. Anjaran'ny vaomieran'ny fifidianana no manaiky na tsia izany antony izany sy ny manambara ny fanapahan-keviny amin'ilay kandidà amin'ny alalan'ny mpitandrina mpiandraikitra ny vaomieran'ny fifidianana.

*Andininy 67* Lany ho diakona ny olona mahazo isam-bato betsaka indrindra.[2011] Raha misy mitovy isam-bato amin'ny

[2009] famenoana ny isa, dia izay zokiny ara-taona no lany.

*Andininy 68* [2009] Ny diakona no mifidy ny filoham-piangonana amin'ireo olona telo (3) nahazo isam-bato betsaka indrindra.[2011] Raha misy mandà amin'izy telo ireo, dia izay nahazo ny laharana manaraka no asolo azy mandra-pahazoana anarana telo (3) isafidianana amin'ny fiodinana voalohany.
Lany ho filoha izay mahazo antsasa-manila ny vato. Raha tsy izany dia misy fiodinana faharoa amin'ireo diakona nahazo isam-bato roa voalohany tamin'iny fiodinana iny; lany izay mahazo isam-bato betsaka eto. Raha mahazo isa vato mitovy dia izay zokiny ara-taona no lany.
Latsabato miafina no anaovana ny fifidianana

*Andininy 69* [2009] Ny filoha no mifidy ny mpikambana ao amin'ny birao sy manendry ny diakona hiandraikitra ny vaomiera maharitra.

*Andininy 70* Ny mpikambana ao amin'ny Birao manana andraikitra amin'ny ambaratonga Faritany sy Foibe dia misafidy ny iray amin'izy roa.
Raha ny Filohan'ny Sampana no voafidy ho Diakona dia tsy maintsy misafidy ny iray amin'izy roa izy.

*Andininy 71* [2009] Tsy azo atao ny mifidy *par procuration* na *par correspondance*

## FIALANA SY FANOLOANA NY BANGA

*Andininy 72* Raha misy Diakona tsy afaka manatanteraka ny fanompoany mandritra ny fotoana voafetra, ka tsy mihoatra ny telo (3) volana, dia mifanamboatra ny Diakona sisa.
Raha mihoatra ny telo (3) volana ao anatin'ny taona iray no tsy fahafahan'ny Diakona iray dia naman'ny nametra-pialàna izy raha tsy mamapandre mihitsy.
Raha tompon'andraikitra ao amin'ny Birao no tratry ny fahasamponana, ka hitan'ny mpikambana sisa fa tsy araka ny asa, dia afaka miantso Diakona hisolo azy ny Filoha mandra-piveriny.

*Andininy 73* Ny fametraham-pialàna dia atao an-tsoratra ary omena ny Filoha.
Manohy ny asany mandra-panendry ny solony izay miala.
Raha misy Diakona miala ka tsy afaka manohy ny asany dia hisy fifidianana izay hisolo azy mandritra ny fotoana tokony hiasan'ilay Diakona soloiny.

*Andininy 74* Amin'ny Fivorian'ny Mpandray manaraka ny fametraham-pialàna no mifidy ny Diakona hisolo ny miala na lasa.

## FAMINDRAM-PAHEFANA SY ASA

*Andininy 75* Vitaina ao anatin'ny iray (1) volana manaraka ny fifidianana raha ela ny famindram-pahefana.
Asiana fitanana an-tsoratra isaky ny andraikitra ny fifandimbiasan-toerana rehetra.

*Andininy 76* Misy famindram-pahefana raha Diakona mitàna andraikitra ao amin'ny Birao no miova.
Atrehin'ny Filoha ny famindram-pahefana rehetra.
Atrehin'ny Diakona rehetra ny famindram-pahefana raha ny Filoha no vaovao.
Atrehin'ny Filoha vaovao sy taloha ny famindram-pahefana raha ny Birao manontolo no miova.

*Andininy 77* Rehefa vita ny famindran'asa sy ny fanokanana na/sy ny fandraisan-tànana ireo Diakona vao voafidy vao afaka mandray ny asany izy ireo.

*Andininy 78* Atao ny volana janoary ny fanokanana na ny fandraisan-tànana ny Diakona vao voafidy.
Amin'io no hanaovan'ny Diakona ny voadiny eo anatrehan'Andriamanitra sy ny fiangonana.

## LOHOLONA

*Andininy 79* Ny fanompoan'ny loholona dia fanohizany ny fanompoany amin'ny maha-diakona azy.
[2009] Ny tafo Bordeaux dia mandray ho loholona ireo diakona mihoatra ny 70 taona niasa tato amin'ny FPMA, ka misoratra ao amin'ny bokim-piangonan'ny tafo amin'ny fahatrarany ny fe-potoana. Afaka manatrika ny komitin'ny tafo sy mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra izy fa tsy mifidy.

# Toko fahavalo : MPITANDRINA – MPITORITENY

## A - MPITANDRINA

*Andininy 80* Ny fanompoan'ny Mpitandrina, ny fepetra tsy maintsy fenoany sy arahiny dia araka
[2011] ny voasoratra ao amin'ny FA FPMA v.3, and. 24.1-10, 24.15,16 sy 24.20,21.
Mpiara-miasa akaiky amin'ny Birao sy ny Diakona ary ny Komitin'ny Tafo izy.

*Andininy 81* Misy sokajy roa ny Mpitandrina ato amin'ny FPMA Bordeaux :
[2011]
- Mpitandrina Mpandrindra
- Mpitandrina Matihanina
-

*Andininy 82* Raha Mpitandrina Mpandrindra no mitondra ny Tafo dia ny Birao Foibe no manendry azy araka ny FA FPMA
[2011] v.3, 24.11,12,13.
Ny Tafo no miantoka ny lany sy ny ilaina rehetra amin'ny fanatanterahany ny fanompoany sy ny asany eo anivon'ny Tafo

*Andininy 83* Raha Mpitandrina Matihanina dia ny fivorian'ny Mpandray no manapaka sy mifidy.
[2011]

*Andininy 84* Rehefa tapaka fa haka Mpitandrina Matihanina dia omena hodinihan'ny "Vaomiera Asa Matihanina" ny fomba
[2011] hanatanterahana azy.
Entina eo amin'ny Birao sy ny Komitin'ny Tafo ny tolo- kevitra rehetra.
Ny fivorian'ny Mpandray no maka ny fanapahan-kevitra farany alohan'ny amoahana ny "appel à candidature".

*Andininy 85* Alefa any amin'ny Birao Foibe ahazoana fankatoavana ny valin'antso hitan'ny Komitin'ny Tafo fa mahafeno ny
[2011] fepetra notakiana alohan'ny hihaonana amin'ireo kandidà.

*Andininy 86* Ny Birao Foibe sy/na ny FATSAN no mitarika ny fifidianana sy manao ny raki-tsoratra.
[2011]

*Andininy 87* Ny mpikambana Tompon'andraikitra misoratra ara-dalàna ao amin'ny bokim-piangonana, mandray anjara
[2011] amin'ny fandoavana adidy, no afaka mifidy.
Roa (2) volana alohan'ny fifidianana no avoaka ny lisitry ny mpifidy

*Andininy 88* Lany amin'ny fiodinana voalohany ny Mpitandrina mahazo ny antsasa-manila ny vato amin'ny isan'ny
[2011] mpikambana Tompon'andraikitra afaka mifidy.

*Andininy 89* Raha tsy tratra ny isa dia misy fiodinana faharoa ho an'ireo Mpitandrina roa nahazo isam-bato betsaka
[2011] indrindra.
Lany eto izay mahazo ny antsasa-manila ny vato amin'ny isan'ny mpifidy.

*Andininy90* Raha tsy tratra ny isa dia misy fiodinana fahatelo.
[2011] Lany ny Mpitandrina mahazo vato betsaka indrindra.
Raha mitovy ny isan'ny vato dia izay nahazo isam-bato betsaka tamin'ny fiodinana faharoa no lany.

*Andininy 91* Isaky ny enim-bolana dia manao tatitra ara-moraly sy tatitra momba ny fizotran'ny asany ny Mpitandrina. Eo
[2011] koa izy no mametraka ny tetik'asa ho an'ny enim-bolana manaraka entina hampandroso ny fiangonana sy ny vahoakan'Andriamanitra.

*Andininy 92* Ny volana septambra amin'ny taona ifidianana diakona dia mihaona amin'ny Komitin'ny Tafo ny Mpitandrina.

[2011] Fotoana manokana hanaovana jery todika ny roa taona lasa io momba ny asa vita, ny fandrosoana, ny fifampitondràna, ny fiainam-piangonana. Eo koa no hiaraha-midinika ny fiaraha-miasa ho avy, ahafahan'ny mpiangona tsirairay avy sy ny fiangonana mandroso hatrany eo amin'ny fanarahana ny Tompo sy ny fijoroana ho vavolombelona eto amin'izao tontolo izao.

## B - MPITORITENY

*Andininy 93* Manaiky ny ministeran'ny Mpitoriteny ny FPMA.
Ny Mitoriteny nahazo "*certificat*" na/sy neken'ny FPMA dia afaka miasa eo anivon'ny tafo FPMA manontolo.

*Andininy 94* Ny Mpitoriteny dia ireo mpiangona mpandray ny Fanasan'ny Tompo, nahavita ny fianarana roa (2) taona ho an'ny Mpitoriteny.
Ny mpitandrina no tompon'andraikitra voalohany ny fampianarana ny Mpitoriteny eto amin'ny tafo.

*Andininy 95* Tsy maintsy hampahafantarina ny mpitandrina mialoha ny anaran'ireo olona izay hitoriteny amin'ny tafo ary handrasana ny valin-tenin'ny mpitandrina.
Ireo olona mpitoriteny vahiny tsy avy eto amin'ny FPMA dia angatahana fankatoavana avy amin'ny mpitandrin'ny tafo na ny faritany.

# Toko fahasivy : VAOMIERA - SAMPANA - TARIK' ASA

## A - VAOMIERA

*Andininy 96* Misy sokajy roa ny VAOMIERA :
- Ny Vaomiera maharitra takian'ny asa lavitr'ezaka;
- Ny Vaomiera tselika.

Fanolorana tatitra an-tsoratra ny Birao no manamaritra ny faran'ny asan'ny Vaomiera.

*Andininy 97* Mahazo manangana Vaomiera tselika hanatanteraka asa voafetra ny Birao, rehefa nifampidinika tamin'ny Komitin'ny Tafo.
Rava ny Vaomiera rehefa vita ny asa.

*Andininy 98* Misokatra ho an'ny mpikambana rehetra eto amin'ny FPMA Bordeaux ny fandraisana anjara amin'ny Vaomiera.
Diakona no mpiandraikitra ny Vaomiera maharitra ary manao tatitra amin'ny Komitin'ny tafo ny asa nataony sy ny andraikitra napetraka taminy izy.

*Andininy 99* Ny Tafo dia hanangana ireto Vaomiera maharitra ireto :

1 – **Vaomiera Fanompoam-pivavahana**
- Mikarakara ny fandavorariana ny fanompoam-pivavahana sy izay rehetra takian'izany : (ny fikarakarana trano, ny fandraisana ny mpitandrina…);
- Manana ny litorjiany arahana ny FPMA;
- Mampianatra ny mpiangona mikasika ny fanopoam-pivavahana.

2 – **Vaomiera Enti-manana**
- Manentana ny Tafo amin'ny fiainana ara-bola;
- Mikaroka izay loharam-bola maharitra mifanaraka amin'ny Soratra Masina sy ny fitsipika ny FPMA ary ny lalàna Frantsay mba ahazoan'ny tafo manatanteraka ny asany.

3 – **Vaomiera Fiofanana sy Fanabeazana**
- Mikarakara ny fiofanana (ny lohateny, ny toerana…) toy ny STA sy ny fandavorariana azy miaraka

amin'ny mpitandrina;
- Misahana ny firaketana sy ny fanaparitahana azy.

4 – **Vaomiera Asa Fifanampiana**
- Mikarakara ny asa sosialin'ny Fiangonana;
- Mamangy an-tokantrano.
- Mifandray sy miara-miasa akaiky amin'ny Diaconat, Entraide protestante, Croix-Rouge, Aumônerie…

5 – **Vaomiera Serasera**
- Mikarakara ny fihetsiketsehana ataon'ny fiangonana ankoatra ny mikasika ny fanompoam-pivavahana.
- Mikarakara ny fampitam-baovao sy ny fifandraisana amin'ny mpiangona;
- Tompon'andraikitry ny Gazetim-piangonana;
- Misahana ny "*animations*" rehefa vokatra, sakafo, fisindàna…

6 – **Vaomiera Asa Matihanina** [2011]
- Miandraikitra ny fiadidiana amin'ny andavanandro ny asa matihanina.
- Mitantana ny fanatanterahana ny famatsiana manokana.
  Mikarakara ny fifandraisana amin'ireo sampan-draharaham-panjakana samihafa (URSSAF-CEA-DDTE…).
- Manara-maso ny fivoaran'ny lalàna frantsay momba ny asa .

Afaka manangana Vaomiera maharitra hafa ny fiangonana raha ilaina. Ny Fivorian'ny Mpandray no manapaka izany.

## B - SAMPANA

*Andininy 100* Fikambanana eo ambany fahefan'ny Fiangonana sy miray aminy fa manana ny asany manokana ny Sampana.

*Andininy 101* Kristy Lohan'ny Fiangonana no voaloboka ary ny SAMPANA no sampany mamoa vokatra (Jao 15).
Hery velona mamelona ny tafo ny Sampana ao aminy.

*Andininy 102* Tsy maintsy manana mpikambana dimy (5) fara-fahakeliny ka ny roa dia Mpikambana Tompon'andraikitra mihoatra ny 18 taona vao azo ekena ny fijoroan'ny Sampana eto amin'ny tafo.

*Andininy 103* Ny Sampana rehetra dia tsy maintsy manaiky ny fifampitondrana, ny fitsipika ary ny satan'ny tafo, faritany sy FPMA.

*Andininy 104* Manana ny Biraony ny Sampana izay ahitana ny Filoha, Mpitantsoratra ary ny Mpitantam-bola na "*Gestionnaire financier*". Vato miafina no hifidianana azy ireo avy amin'ny mpikambana ao amin'ny sampana.
Roa (2) taona no fe-potoana iasàny.

*Andininy 105* Manana fitsipika manokana izy, izay tsy afaka manipaka na manohitra ny foto-kevitra ijoroan'ny FPMA ary ny lalàna sy ny fitsipika rehetra manan-kery ao amin'ny Tafo sy Faritany ary ny FPMA.
Angatahana ny fankatoavan'ny Komitin'ny Tafo ny Fitsipiky ny sampana vao manan-kery.

*Andininy 106* Tsy maintsy misoratra ao amin'ny bokim-piangonana ny mpikambana any amin'ny Sampana.
Omen'ny Sampana ny Biraon'ny Tafo ny lisitry ny mpikambany sy ny fiovàna rehetra mikasika izany isan-taona.
Tsy terena ny fidirana ho mpikambana amin'ny Sampana satria fanomezam-pahasoavana entina manompo sy manome voninahitra an'Andriamanitra izany ; ny mpikambana rehetra dia tokony hazoto sy maotina, manaja fotoana amin'izay atao rehetra.

*Andininy 107* Manome ny vinavina asa sy ny teti-bolany mandritra ny taona amin'ny Biraon'ny Tafo ny Sampana alohan'ny fiantombohan'ny taona.
Raha misy asa tiana atao ivelan'ny vinavina mandritra ny taona, dia hiaraha-midinika mialoha amin'ny

Biraon'ny Tafo.

Mivory isaka ny roa (2) volana fara-fahakeliny ny Biraon'ny Sampana. Hatrehan'ny solontenan'ny Biraon'ny tafo (tsy mandatsa-bato) ny fivorian'ny Biraon'ny sampana rehetra ary handefasana fiantsoana na hampandrenesina mialoha izy.

Folo (10) andro aorian'ny fihetsiketsehana rehetra (fivoriana, lasy, asa samihafa.) raha ela indrindra no hanomezan'ny Sampana ny tatitra an-tsoratra sy ny vola azony amin'ny Biraon'ny Tafo.
Manao tatitra an-tsoratra isan-telo (3) volana amin'ny Biraon'ny Tafo ny Sampana tsirairay mba ahafantarana ny fandrosoan'ny sampana sy ny asany.

*Andininy 108* Tompon'andraikitra amin'ny fitantanana ny volany sy ny fananany ny Sampana.
Ny Mpitambolan'ny fiangonana no mitahiry ny volany ary tsy maintsy ampahafantariny ny Mpitambolan'ny tafo ny vola miditra sy mivoaka rehetra ao aminy.
Ny Mpitantambolan'ny sampana no mitazona an-tsoratra ny ara-bola ao aminy.
Raha misy Sampana rava, dia an'ny fiangonana ny fananany rehetra.

*Andininy 109* Afaka mangataka fanorenana Sampana vaovao ny mpikambana rehetra.
Hiarahany midinika amin'ny Biraon'ny Tafo izany alohan'ny hitondran'ny Birao azy eo amin'ny fivorian'ny Komitin'ny Tafo.
Ny Fivorian'ny Mpandray no maka ny fanapahan-kevitra farany.

*Andininy 110* Fototra sy ny zava-kendrena ary ny mahasamihafa ny Sampana

1 – **Antoko Mpihira**
- Mijoro vavolombelona sy mitory ny Filazantsara amin'alalan'ny hira sy mozika;
- Mandray anjara hira iray fara-fahakeliny isaka ny fotoam-pivavahana.

2 – **Sekoly Alahady**
- Mampianatra sy manazava ny Soratra Masina amin'ny ankizy misoratra amin'ny bokim-piangonana;
- Ny Mpampianatra Sekoly Alahady dia tsy maintsy mahazo alalana avy amin'ny FPMA vao afaka mampianatra;
- Olona vonona iofanana sy andalina ny Baiboly ka hizara izany amin'ny hafa ny Mpampianatra.

3 – **Sekolin'ny Tenin'Andriamanitra**
- Fianarana sy fandalinana ny Baiboly ho an'ny fiangonana manontolo;
- Ny mpitandrina no tompon'andraikitra voalohany ny fananterahana azy ary hiara-midinika aminy ny fandaharana;
- Sampana iray ny SA sy ny STA.

4 – **Tanora Kristiana**
- Mikendry ny fivelaran'ny tanora ara-pinoana sy ara-tsaina ary ara-batana amin'alalan'ny fandalinana ny Soratra Masina sy ny fanaovana ny asa rehetra mifototra amin'ny Baiboly;
- Manana Zokibe, mpanolotsaina, izay Mpikambana Tompon'andraikitra mihoatra ny 18 taona ny STK ary manatrika ny fivoriany rehetra izy fa tsy mandatsa-bato.

5 – **Mozika**
- Mampianatra ny hira ao amin'ny Fihirana sy ny hafa ilaina izany;
- Mampiaraka ny hiran'ny mpiangona isaka ny fotoam-pivavahana amin'ny mozika.

6 – **Fifohazana** [2009]
- Manaiky ny asa fanompoan'ny Mpiandry ny FPMA.
- Ny Mpiandry neken'ny FPMA dia afaka miasa eo anivon'ny tafo FPMA manontolo.
- Ny Sampana Fifohazana dia ny fivondronan'ny Mpiandry ao amin'ny fiangonana.
- Asan'ny fiangonana ny fanompoan'ny Mpiandry
- Ny Mpiandry miasa eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX dia manaiky sy manaja ny fifampitondrana sy ny fifampifehezana ary ny fitsipika mifehy ny tafo.
- Mpiara-miasa amin'ny Mpitandrina ny Mpiandry amin'ny asa fampaherezana rehetra sy ny fifampitondrana am-bavaka.
- Mampahafantatra ny Mpitandrina sy ny Biraon'ny tafo ny Mpiandry alohan'ny iasàny ary manao

tatitra aminy rehefa vita ny asa.

7 – **Vehivavy Kristiana** [2009]

- Isan'ny fomba fanehoam-pinoana ny fivondronan'ny Vehivavy ao anaty sampana.
- Mandalina momba ny fianakaviana kristiana.
- Manao asa fanasoavana.

## D – TARIK'ASA

*Andininy 111* Ny Mpitandrina mpandrindra ny Tafo no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampianarana ao amin'ny Tarik'asa Katekomena.
Ny andro Pentekosta no atao ny fanokanana ireo mpianatra ho mpandray ny Fanasan'ny Tompo [ 2013 ]

*Andininy 112* Manendry ny MPIARADIA ao amin'ny Tarik'Asa Katekomena eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX hiasa mandritra ny roa (2) taona ny Mpitandrina. Azo havaozina na tohizana ny fe-potoana.
Ampahafatariny ny Komitin'ny Tafo ireo Mpiaradia ao amin'ny Tarik'asa Katekomena ireo rehefa nifampidinika tamin'ny mpiaradia am-perin'asa izy.

## E – FIRAISAN'NY SAMPANA

*Andininy 113* "*Fa maro ny momba ny tena, nefa ny tena dia iray ihany… Ary hianareo no tenan'i Kristy ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy*" (I Kor 12).
Samihafa ny fanomezam-pahasoavana sy ny fanompoan'ny Sampana tsirairay avy, kanefa miara-miasa ho an'ny Fanahy iray, ho an'ny Tompo iray ary ho an'Andriamanitra iray avokoa izy rehetra.
Hifarimbonana sy hifanotronan'ny sampana sisa rehetra ny asan'ny sampana iray; izany no fototra ijoroan'ny Fiaraha miasan'ny Sampana (FMS) eto amin'ny tafo FPMA BORDEAUX.

*Andininy 114* Mivory indray mandeha isaka ny telo (3) volana ny FMS ary misy fiofanana iraisany indray mandeha isantaona fara fahakeliny.
Manatrika fiofanana rehetra eo amin'ny tafo sy ny faritany ary ny FPMA ny sampana rehetra.

*Andininy 115* Tsy azo atao ny mampifanindry ny asan'ny Sampana rehetra eto amin'ny tafo, tahaka izany koa eo anivon'ny Faritany sy FPMA.

*Andininy 116* Ny Filoha Lefitry ny tafo no tompon'andraikitra ny FMS.

*Andininy 117* Tsy sampana ny FMS fa fomba fiasa.
Mandray anjara amin'ny Fetin'ny Noely, ny Sakafom-piangonana, ny Kermesy… ny FMS.

# Toko fahafolo : LOHARANO SY FITANTANANA NY VOLA

*Andininy 118* Ny fidiram-bolan'ny tafo FPMA Bordeaux dia :

- Rakitra sy vokatra;
- Fanolorana samihafa;
- Adidin'ny Mpandray;
- Vola azo amin'ny asa sy fihetsiketsehana ara-dalàna;
- Vokatra ara-bolan'ny famelabelarana, fampisehoana, sarimihetsika......

*Andininy 119* Tsy azo ampindramina na ampiasain'ny olona ho an'ny tenany ny vola sy ny fananan'ny fiangonana.

*Andininy 120* Ireto avy ny **fandaniam-bola** andavan'andro :

- Ny fikarakarana ny toeram-pivavahana;
- Ny fikarakarana ny fotoam-pivavahana;
- Ny fehim-pihavanana;
- Ny fampandehanana ny asan'ny Mpitantsoratra;
- Ny adidy amin'ny FPMA Foibe, ny Faritany Atsimo-Andrefana, ny ERF;
- Ny fanampiana sy ny fihetsiketsehena voafaritra ao amin'ny tetik'asan'ny fiangonana..

Ny fandaniam-bola ankoatra ireo dia fandaniana manokana.

*Andininy 121* Faritan'ny Komitin'ny Tafo mialoha ao amin'ny teti-bolan'ny taona atolotra eo amin'ny fivoriambe ara-potoana voalohany ny fandaniana andavanandro.

*Andininy 122* Entina eo amin'ny fivorian'ny mpikambana tompon'andraikitra ny fandaniam-bola rehetra tsy tafiditra amin'ny teti-bola (*ligne budgétaire*), rehefa voadiniky ny Komitin'ny Tafo.

*Andininy 123* Tsy maintsy voamarin'ny fakitiora sy ny sonian'ny olona nomena azy ao amin'ny bokim-bola ny vola rehetra mivoaka.

*Andininy 124* Ny Filoha na ny Mpitambola ihany no mahazo manao sonia ny seky.

*Andininy 125* Ny Mpitambola irery ihany no mahazo mamoaka vola ventiny avy ao amin'ny fitahirizana.

*Andininy 126* Amin'ny fahazakan-tena tanteraka (*autofinancement*) no hanaovan'ny Sampana ny asany rehetra no mamelona ara-bola ny fiangonana koa izy.

## MPANAMARIMBOLA

*Andininy 127* Manana ny Mpamarimbolany ny tafo FPMA BORDEAUX.

*Andininy 128* Mpikambana laika roa (2) no fidiana isaka ny roa (2) taona (*année paire*) mandritra ny fivoriamben'ny tafo ho Mpanamarimbola.
Tsy mpikambana ao amin'ny Komitin'ny tafo izy ireo.

*Andininy 129* Mijery sy manamarina ny volan'ny tafo niditra sy nivoaka nandritra ny taona iray (*exercice comptable*) miaraka amin'ny Mpandraharaha vola sy ny Mpitambolan'ny tafo no andraikiny. Manao tatitra an-tsoratra amin'ny Komity ny asany izy no manao soso-kevitra koa amin'izay fomba entina hanatsarana ny fitantanam-bolan'ny tafo.

*Andininy 130* Ny toe-bola efa noamarin'ny Mpanamarimbola no entina eo amin'ny Fivoriamben'ny tafo hakana ny "*quitus*" ho an'ny Mpitambola.

# Toko faha-iray ambin'ny folo : FEHIM-PIHAVANANA

*Andininy 131* ** **Ankasoavana** :

- Fanambadiana
- Teraka
- Batisa
- Fanokanana ho Mpandray ny Fanasan'ny Tompo.

Ezahana amin'ny fandalovan'ny mpitandrina no hanatanterahana azy ireo.

** **Ankaratsiana** :

- Marary
- Famoizana ( ray aman-dreny, vady, zanaka, iray-tampo )

- Amin'ny ankasoavana, mamangy ny fiangonana rehefa mahazo fampandrenesana.
- Amin'ny ankaratsiana, hangatahana izay mandre hilaza avy hatrany amin'ny Komitin'ny Tafo. Miombom-pahoriana amin'izay nahazoana taratasy fampandrenesana ny tafo FPMA BORDEAUX.
- Ho dinihan'ny Komitin'ny Tafo manokana izay tsy voafaritra eto, ary entina ho tapahin'ny fivorian'ny tompon'andraikitra.

*Andininy 132* Isaky ny roa (2) taona no tapahana eo amin'ny fivoriambe voalohany ny fandraisan'ny fiangonana anjara amin'ny fifampitondràna.

*Andininy 133* Isaky ny alahady voalohan'ny taona no anolorana solom-body akoho an'ny Ray aman-dReny mihoatra ny enim-polo (60) taona tonga miangona.

## Toko faha-roa ambin'ny folo : FIFANOLANANA SY ALA-OLANA

*Andininy 134* Entina ho dinihan'ny Komitin'ny Tafo ny fifanolanana rehetra mitranga ao amin'ny tafo.
Raha tsy hita ny ala-olana, dia entina eo amin'ny fivorian'ny mpikambana tompon'andraikitra.
Raha mbola tsy voavaha ihany, dia apetraka eo amin'ny Faritany, izay hitondra azy eo am-pelatànan'ny *Comité de reconciliation* **raha ilàna**. [2009]

*Andininy 135* Raha misy olana eo amin'ny Komity na ny fiangonana sy ny Mpitandrina, dia ny Mpitandrina sy ny Biraon'ny Faritany no hatonina hijery vahaolana.

## Toko faha-telo ambin'ny folo : FANDIKANA NY FITSIPIKA

*Andininy 136* Izay fandraisan'ny Komitin'ny Tafo azy no dikan-teny andraisana ity Fitsipika Anatiny ity raha misy ilana izany.

*Andininy 137* Ho dinihana sy hanaovana latsa-bato amin'ny fivoriambe ny fanovàna tiana atao amin'ity fitsipika anatiny ity.
Tsy maintsy mahazo ny roa ampahatelon'ny vato (2/3) vao lany ny fanovana tiana atao.

## Toko faha-efatra ambin'ny folo : NY TAKIAN'NY LALANA FRANTSAY

*Andininy 138* Raha misy fanavaozana na fanovàna ny mpikambana ao amin'ny Biraon'ny tafo, dia andraikitry ny Filoha ny

manao “*déclaration de modification des members de la Direction*” any amin’ny Préfecture de la Gironde 10 andro aoriana raha ela indrindra.
Raha ny Filoha na/sy ny Mpitambola no voakasika izany, dia hampandrenesina koa ny banky (*formulaires à chercher à la Poste + PV + photocopies carte d’identité ou carte de séjour*).

*Andininy 139* Raha ny “*statuts*” no nisy fanavaozana dia tsy maintsy apetraka any @ Préfecture ny statuts vaovao izay ahitàna ny *articles amendés + PV*.
Raha ny “*objet*”, na/sy, ny “*siège social*” no novàna, dia tsy maintsy havoaka amin’ny “*Journaux Officiels*” izany ary handoavam-vola.

*Andininy 140* Ireto BOKY telo ireto no tsy maintsy ananan’ny tafo FPMA BORDEAUX :

- Bokin’ny Mpikambana (*Registre des membres*) izay ahitàna ny anaran’ny mpikambana rehetra nameno ny “*bulletin d’adhésion*”. Tsy maintsy havaozina isan-taona io (*mise à jour*) indrindra alohan’ny fifidianana.
- Bokin-draki-tsoratra (*Registre des procès verbaux*) izay ahitàna ny compte-rendus sy ny PV ny fivoriana rehetra (sampana, Birao, Komity, Fivorian’ny mpandray). Voasonian’ny Filoha sy ny Mpitantsoratra ary msiy laharana (*référence*) avokoa izy ireo.
- Bokim-bola (*Journal financier ou comptable ou Livres des dépenses et des recettes*) au jour le jour izay ahitana ny niditra sy ny nivoaka rehetra miaraka amin’ny « *pièces justificatives*.».

## FEHINY

| FITSIPIKA NIAINGANA | FITSIPIKA VAOVAO / NAVAOZINA |
|---|---|
| Fitsipika lany tamin’ny 20 Oktobra 1985 | Fivoriambe tsy ara-potoana tamin’ny 29 Septambra 1996 |
| Fitsipika lany tamin’ny 29/09/96 + RI FPMA KM 04/99 | Fivoriambe tsy ara-potoana tamin’ny 26 Septambra 1999 |
| RI 29/09/96 + RI 26/09/99 | Fivorian’ny mpandray tamin’ny 06 Desambra 2000 |
| RI 06/12/2000 + RI FPMA 2002 | Fivorian’ny Mpandray tamin’ny 04 Septambra 2002 |
| RI 04/09/2002 + RI FPMA 2004 | Fivorian’ny Mpandray tamin’ny 25 Septambra 2005 |
| RI 04/09/2002 + RI FPMA 2004 | Fivorian’ny Mpandray tamin’ny 25 Septambra 2005 |
| RI 25/09/2005 | Fivorian'ny Mpandray tamin'ny 30 septambra 2007 |
| RI 30/09/2007 | Fivorian'ny Mpandray tamin'ny 29 Marsa 2009 |
| RI 29/03/2009 | Fivorian'ny Mpandray tamin'ny 29 Mai 2011 |
| RI 29/05/2011 | Fivorian’ny Mpandray tamin’ny 22 septambra 2013 |

Nankatoavin’ny Fivorian’ny Mpandray Tafo FPMA BORDEAUX androany Alahady, faha 29 Septambra 2013